# ALAHADY FAHA- 19 MANDAVANTAONA- TAONA B



## "ILANA FINOANA NY EOKARISTIA"

Ry Krisitianina havana, mitohy ny fandalinana momba ny Eokaristia, momba an'i Kristy ilay manome ny Nofony ho fiainan'izao tontolo izao (Jn 6). HItantsika fa tsy mandeha ho azy ny ady hevitra. Izany ihany koa ny mety hitranga amin'izao sinaoda hiarahantsika miatrika izao. Aza gaga raha misy fotoana mafimafy ny ady hevitra. Fanafintohinana ho an'ireo iray firenena aminy ny fampianaran'i Jesoa... ary mazàna zava-mitranga amin'ny fiainantsika ny mitsara ny teny sy ny hafatra ampitaina, tsy amin'ny maha-hafatra azy fa noho ilay niteny azy.

Vakiteny I : . 1 Mpanj 19,4-8
Tononkira : , Sal 33;
Vakiteny II : Ef 4,30-5,2;
Evanjely : Jo 6, 41-52

Andeha ho jerentsika tsirairay ireo vakiteny isika miditra amin'ny sinaoda izao.

Ny Vakiteny voalohany dia mitantara ny zava-nitranga tamin'i Elia, Izy Ilay Mpaminany nifikitra amin'Andriamanitra ary nitarika ny olona tsy hiala amin'Andriamanitra na dia mafy ny fakam-panahy aterak'ireo mpanompo sampy izay ohatra ny mahomby. Tsy mankaiza an'izany koa ny zava-misy iainantsika amin'izao. Miatrika zavatra maro ny Eglizy. Maro ny fanenjehena.

Tadidintsika i Elia niatrika ireo mpaminany sandoka mpanompo sampin'i Baala miisa ho 450. Nandresy azy ireo i Elia noho ny herin'Andriamanitra. Hitan'ny vahoaka marobe izany Haintsika ny tohiny. Tsy mandeha ho azy tokoa ny fanarahana ny Tompo fa maro ny sedra natrehin'i Elia na avy tamin'ny vahoaka na amin'ny zava-misy. Anisan'ireo tsy maintsy nosedrainy niaraka tamin'ny vahoaka ilay hain-tany mafy be nandritra ny taona maro. Noho ny vavak'i Elia dia nirotsaka ny orana. Fankaherezana ho antsika izany miatrika ny fiovan'ny toetrandro izao. Aoka hanao vavaka totoafo isika ary indrindra hikatroka mafy. Anisan'ireo fanamby ao amin'ny Taratasy Pastoraly faha-8 ny fiarovana ny tontolo iainana ary novelabelarin'ny annexe 2. Manao ny asan'i Elia isika rehefa miaro ny zava-boaary ary izany no anisan'ny vokatra ivelomantsika avy amin'izao sinaoda izao.

Andeha tohizantsika ny fandinihantsika ny tantaran'i Elia. Tsy faly tamin'ny ezaka nataony i Jezabela mpanjaka ka nitady izay hahafaty azy. Izany no nampilefa azy mba hanavotany ny ainy. Nandeha lalana indray andro tany an'efitra izy ary nony mby tany izy, nipetraka teo ambanin'ny kofafambohitra anankiray, dia nangataka ny ho faty, nanao hoe: *Aoka izay! Alao amin'izao ny aiko, ry Tompo ô,fa tsy tsara noho ny razako aho. Dia nandry izy, ka natory teo ambanin'ny kofafambohitra.* Kivy sy ketraka i Elia ary naniry ny ho faty mihitsy. Nampiseho fanetren-tena ihany koa izy tamin'ny teniny. Mety misy eo amin'ny fiainantsika ny fitsapana sy ny fanenjehana isan-karazany, ka mahatonga antsika hamoy fô. Mety hilaza ihany koa hoe : inona intsony moa ny amiko e, fa indrindra miatrika izao krizy mafy izao.

Tamin'izany fahakiviana nanjo an'i Elia izany no nanoloran'ny Tompo ny tana-maheriny amin'ny alalan'ny Anjeliny: *Miarena ianao hihinana.* Nijery izy, ka indro tao amin'izay niondanany, nisy mofo nendasina tamin'ny vato nohafanaina, sy rano iray tavoara. Avy eo dia mbola nanohina sy nilaza taminy indray ny Anjely: *Miarena ianao hihinana, fa lavitra loatra ho anao ny dia halehanao.* Dia niarina izy, nihinana sy nisotro, ary nandeha efapolo andro sy efapolo alina, tamin'ny hery azony tamin'izany hanina izany, ho any Horeba tendrombohitr'Andriamanitra. Fanomezana avy amin ny Tompo ny *mofo* sy ny rano, nanome hery sy nanohana ny dian'i Elia mba ho tonga any amin'ny tendrombohitra Horeba nihaonany sy niresahany taminy. Sakafo mahagaga, nanohana azy mba hahatongavany any Horeba nandritra ny efapolo andro sy efapolo alina. Raha tsy nisy an'ilay mofo sy rano dia tsy tonga tany izy. Io sakafo io dia toa efa tandindon'ny Eokaristia sahady, izay sakafo mamelona sy vatsy masina manohana antsika eto am-pamakivakiana ity fiainana mandalo ity, mandram-pahatongantsika any amin'ny fiainana mandrakizay. Amin'ny alalany, sy miaraka Aminy ary ao Aminy no andrenesantsika ny teny fampirisihana tahaka izay natao tamin'i Elia: Miarena hihinana, fa mbola lavitra ny dia. Lavitra tokoa ny dia ataontsika amin'ny Sinaoda matoky isika miaraka amin'i Jesoa Eokaristia ka ho tody soa amn-tsara ka zary EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA isika ka zary OLO ARAIKY ISIKA JIABY HO FRATELLI TUTTI hihaona amin'Andriamanitra sy hankalaza azy tsy any Horeba tahaka an'i Elia fa eo anivon'ny fiainantsika izay hahitantsika fivelaran'ny mahaolona sy ny olona manontolo.

Andeha hiroso handinika ny Evanjely isika satria manamafy ireo rehetra ireo ny fampianarana ataon'i Jesoa ao amin'ny Evanjely. I Jesoa mihitsy no manambara tena amin'ireo vahoaka Jody hoe: *Izaho no mofo velona izay nidina avy any an-danitra.* Efa nanao famantarana tamin'ny fampitomboana ny mofo sy ny hazandrano Izy. Tokony ho efa nanomboka nieritreritra ireo nihaino Azy fa Izy no ambarany io. Zavatra hafa anefa no nitranga. Nimonomonona izy ireo vao nandre io fanambaran'i Jesoa io : : tsy zanak'i Josefa ve Izy, fantatsika tsara ny ray aman-dreniny, ka ahoana no anaovany hoe: *Nidina avy any an-danitra aho?* Hita fa mason'izao tontolo izao no nijeren'izy ireo an'i Jesoa. Aoka hazava amintsika tokoa ary fa io no fampianarana lehibe faharoa manaraka ny fampianarana entin'ny tantaram-piainan'i Elia. Raha te-handroso isika amin'izao sinaoda izao, raha te hanao « départ vaovao » dia aoka ho masom-pinoana no entintsika miatrika ny sinaoda. Raha tsy izany dia ady hevitra arakan'izao tontolo izao ny dinika ataontsika rehetra. Io no ampahatsiahivan'ny taratasy Pastoraly faha 8 : Olom-pinoana, olom-panantenana, olom-pitiavana isika.

Hoy i Jesoa namaly ireo Jody izay nijery Azy amin'ny mason'izao tontolo izao : *Tsy*

*misy olona mahay manatona Ahy akory raha tsy taomin'ny Ray izay naniraka Ahy.* Mba ahafahana manatona sy mandray an'i Jesoa dia tsy maintsy misy fitaoman'ny Ray. Io no atao hoe FINOANA. Andriamanitra mitaona antsika hanatona. Fanomezan'Andriamanitra ny finoana. Fahasoavana avy Aminy io ary omeny ny olombelona rehetra. Naniraka ny Zanany lahitokana Andriamanitra *(Jo* 3,17)» noho izany dia mitarika ny olon-drehetra tsy an-kanavaka hanatona Azy, mba handehanan'izy ireo any Aminy ka handraisany Azy. Fa na eo aza izany dia ilaina tokoa ny fahavononana sy ny fanekena hotaomina sy tarihina. Io no andrasana amintsika EOV amin'izao sinaoda izao : FAHAFOLAN-KEVITRA, FAHAVONONA, FAHASAHIANA… Meteza àry hotarihin'ny Ray, ary hanaiky lalandava ny fanilovan ny Fanahy Masina ka tsy hisalasala ny hanatona sy handray an'i Jesoa ho Tompo sy Andriamanitra. I Jesoa ihany koa dia milaza fa rehefa tafasandratra hiala amin'ny tany Izy, dia hitarika ny olon-drehetra hanatona Azy *(Jo* 12,32), satria nahalala Izy fa efa napetraky ny Ray eo am-pelantanany ny zavatra rehetra *(Jo* 13,3).

Ambaran'i Jesoa ihany koa ary fankaherezana ho antsika fa: *Izay mino Azy no manana ny fiainana mandrakizay. Izy hanangana azy amin'ny farandro.* Manambara fa Andriamanitra Izy izany satria afaka manome ny fiainana, Izy no Mofon'ny *fiainana, Mofo nidina avy any an-danitra.* Fepetra takiana ahafahana manatona izany anefa ny finoana. Mino fa i Jesoa tokoa no Kristy Zanak'Andriamanitra. Io finoana io ihany no azahoantsika ny fiainana mandrakizay. Ity fiainana mandrakizay ity dia tsy hoe fiainana tsy manam-piafarana fotsiny ihany fa fiainana soa indrindra, misy ny hafenoana sy ny hasambarana tena izy satria miombona amin'Andriamanitra. Io fiombonana io no adikantsika « komonio ». Azontsika onona tsara ny hasarobidin'ny « komonio » ary izany no mahatonga antsika milaza fa tena fiekem-pinoana no ataontsika isaky ny mandray ka mamaly hoe « Amena » .

Ny razamben'ny Jody na dia nihinana ny mana tany an'efitra aza dia maty ihany. Tsy toy izany kosa anefa izay mandray sy mihinana ny Mofo nidina avy any an-danitra. Io Mofo io moa dia i Jesoa mihitsy araka ny fanambarany. Hazavainy ihany koa fa ny Mofo izay homeny dia ny Nofony mihitsy, izany hoe ny fiainany manontolo. Tamin'Izy maty teo ambonin'ny Hazofijaliana no tanteraka ny fanolorany ny Tenany sy ny Ainy ho fiainan'izao tontolo izao. Amin'ny Eokarisitia isika no mahatsiaro sy mankalaza izany mistery lehibe izany : *Vatako ity atolotra ho anareo. Kalisy misy ny Rako ity halatsaka ho anareo sy ny besinimaro ho famelana ny fahotana.* Raiso matetika àry i Jesoa Eokaristia, mba ho afaka manolotra sy mahafoy ny aina ho an'ny hafa toa Azy koa isika ZARY EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA. Mila finoana lalina anefa izany araka ny lohahevitra napetraka tetsy am-piandohana: *Mila finoana ny Eokaristia.* Hoy indrindra ny tononkira ataontsika mandritra ny fitsaohana ny Sakramenta Masina hoe: *Miankohofa mba hitsaoka ity Mistery lehibe, ny lalàna teo aloha aoka hisolo* vaovao. *Ny finoana anie hameno izay tsy mety ho azontsika.*

Tsara isika amin'izao mandinika hoe "inona tokoa moa ny vokatry ny Eokaristia eo amin'ny fiainantsika fa indrindra isika miroso manatanteraka ny sinaoda ?". Sinaoda izay irintsika ho « départ vaovao », Pantekoty vaovao amin'ny fiainana maha EOV antsika. I Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa no manome valin'izay amintsika na dia ampahany ihany aza fa manampy antsika amin'ny dinika ataontsika amin'ny sinaoda. Imbetsaka isika no manontany ahy: *Monseigneur, inona marina ny tianao ambara amin'ny hoe « fiovam-penitra mahery vaika eo amin'ny fitondran-tena* ?» (changement radical de

comportement).

Tanisain'i Md Paoly ireo toetra sy fomba ratsy tsy maintsy ialàna tanteraka raha te hanavao fitondran-tena isika. Tsy maintsy ialana ireto toetra manapotika ny fifandraisana na amin'ny zava-boary, na amintsika samy isika na amin'Andriamanitra ireto: *lolom-po, fahatezerana, fahavinirana, fitabatabana, fitenenan-dratsy ary hasomparana.* Tanisainy avy eo kosa ireo fomba sy toetra vokatry ny fiovam-penitra mahery vaika : *halemem-panahy amin'ny namana, hifampianatra sy hifamela heloka.* Andriamanitra no ohatra amin'izany, Izy dia namela ny fahotantsika tamin'ny alalan'i Kristy. Ny fitiavan'Andriamanitra no tokony ho lasa fitiavan'ny EOV. Fitiavana sy Famindram-po Andriamanitra, ka tokony manahaka Azy koa isika: *Aoka àry hanahaka an'Andriamanitra*, *toy ny zanaka malala ianareo. Mandehana amin'ny fitiavana tahaka an'i Kristy, Izay nanolo-tena tamin'Andriamanitra noho ny fitiavany antsika, mba ho sorona amam- panatitra mani-pofona hamonjy antsika.* Asan'ny Fanahy Masin Andriamanitra izay efa narotsaka tao am-pontsika tamin'ny Batemy ireo ary izany no mahatonga antsika milaza fa miandrandra Pantekoty Vaovao isika hanahafantsika an'i Kristy : kristianina ka zary EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA

Ry Jesoa Tompo ô ianao nilaza hoe Izaho no mofo velona avy any an-danitra ka izay mihinana Ahy hanana ny fiainana mandrakizay . Mino izahay fa Ianao tokoa no raisinay amin'ny Komonio Masina. Ampio àry izahay hiomana tsara amin'ny fandraisana Anao amin'ny alalan'ny Sakramentan'ny Fampihavanana. Ovao ny fonay mba hivelona ny fihavanana sady kristianina no malagasy. Mety misy fotoana mahakivy anay tahaka an'i Elia fa indrindra amin'izao fantanterahana ny sinaoda izao. Matoky ny fahasoavana izahay satria tsy izahay fa ny fahasoavanao miaraka aminay no entinay mantanteraka ny sinaoda. Masina Maria Reny tsy mahafoy, mankalaza ny nampakarana anao am-boninahitra any an-danitra ny Eglizy amin'ny alahady heriny. Faly izahay satria manana anao Reny. Aza mandao anay amin'izao sinaoda izao. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy eran-tany mivavahà ho anay ho an'ny Ray jiaby fa indrindra ny Tompon'andraikitra isan-tsokajiny mba samy hanana « fon-dray » ka samy hahafoy ary hanompo. Amena

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson